# ALAHADY 05 APR 2020

Ao amin'ny filazantsara araka ny **Marka 11** no hakantsika ny hafatra amin'izao alahadin'ny sampan-drofia izao ry havana.

Ny **<u>fahamarinana 1</u>** dia hoe : **FANTATRAO VE FA TOMPO I JESOA ?**
Hoy ny and.2-3 amin'ny Marka 11 : « ka nanao taminy hoe: Mankanesa amin'iroa vohitra tandrifinareo iroa; ary raha vao miditra eo ianareo, miaraka amin'izay dia hahita zana-boriky mifatotra, izay tsy mbola nitaingenan'olona; vahao izy, ka ento ety. Ary raha misy olona manao aminareo hoe: Ahoana no anaovanareo izao? dia lazao hoe: Misy raharaha analan'ny Tompo azy ». Misy raharaha analan'ny Tompo azy. Manamba ny tenany ho Tompo i Jesoa ry havana.
Misy mpianatra anankiroa eto irahina. Tsy fantatra ny anaran'ny mpianatra. Ary tsy ny anaran'ny mpianatra no zava-dehibe ; fa lazaina izy hoe mpianatra, ilay amin'ny teny frantsay hoe « disciple ». Izany « disciple » izany dia averina indray, fa hoe : olona manaraka discipline, dia ny discipline- i Jesoa ry havana. Dia irahina izy roalahy hoe : « Mankanesa amin'iroa vohitra tandrifinareo iroa; ary raha vao miditra eo ianareo, miaraka amin'izay dia hahita zana-boriky mifatotra, izay tsy mbola nitaingenan'olona; vahao izy, ka ento ety ». Ity Jesoa mibaiko ny mpianatra ity ry havana dia mahalala ny zavatra rehetra. Ary manoro an'ireto mpianatra irahiny ireto ny zavatra rehetra. Ary amin'ny fahefana maha-Tompo Azy ry havana dia baikony ireto mpianatra ireto hanefa izay kasainy. Maneho ny maha-Tompo Azy Izy. Ary izany zavatra kasain'ny Tompo izany ry havana, dia hoe zavatra efa voatendry ary voatendry ho tanterahina araka ny ambaran'ny Soratra Masina. Eto moa ny Soratra Masina manambara dia hoe, Zakaria 9 :9. Zakaria izany, 500 taona talohan'i Jesoa no manambara izao resaka zana-boriky izao ry havana ô. Fa Jesoa efa mahafantatra an'izany. Dia teneniny ilay mpianatra hoe : mandehana ianareo, mankanesa ery amin'ny vohitra ery ; ary miaraka amin'izay, vao tafiditra ao nareo an, dia hahita zana-boriky mifatotra. Izany

hoe vao tafiditra ao izy an, dia hahita zana-boriky eo amoron-dalana eo, tsy miditra any an’elanelan-trano an, fa tonga dia hoe hitany ilay izy dia vahao. Toe-tsain’ny mpianatra, toe-tsain’ireto disciple ireto ry havana dia avy hatrany dia hoe nankatoa tsy misy fisalasalana. Tsy be fanontaniana hoe : « dia ahoana, ahoana tsara moa ny endrik’izany zana-boriky izany ? Manahoana ilay trano ? Ary hafiriana ny dia an-tongotra mankany ? Efa tena nifandamina tsara tamin’ny tompon’ilay zana-boriky ve ianao Jesoa an ? ». Tonga dia nankatoa ny mpianatra. Tonga dia nankatoa ny mpianatra ry havana ô.
Ary tsy hoe mahafantatra ny zavatra rehetra fotsiny ny Tompo, fa mamatsy ny mpianatra, manome ny mpianatra izay teny ilainy eo am-panatanterahana izany iraka izany. Fantany izay miseho ; hoy ny and.3 hoe : « Ary raha misy olona manao aminareo hoe: Ahoana no anaovanareo izao? (hoe rehefa mamaha an’ilay zana-boriky izy izany) dia lazao hoe: Misy raharaha analan’ny Tompo azy; dia havelany ho entina ety indray miaraka amin’izay izy ». Fantatr’i Jesoa sahady izay hiseho any amin’io vohitra io ry havana ary omeny ny mpianatra ny valin-teny tsy hampisy olana : « lazao hoe: Misy raharaha analan’ny Tompo azy ».
Hoy isika ry havana hoe manambara ny tenany ho Tompo i Jesoa raha maniraka ny mpianany. Ary ity iraka ity dia azo lazaina tsotra izao, hoe : iraky ny finoana. Ary izay iraka rehetra ampanaovin’ny Tompo antsika ry havana ô, dia manana an’izay endrika hoe iraky ny finoana izay. Dia izany fahefany amin’ny maha-Tompo izany, no asehony eto ry havana. Ahoana no anehoany azy ? Asehony ny fahefany amin’ny maha-Tompo Azy ka tsy miera Izy e. Asehony ny fahefany amin’ny maha-Tompo Azy ka maka tsotra izao Izy. Izany no hitantsika eto ry havana ô. Ary mbola asehony ihany ny fahefany amin’ilay teny farany, manao hoe : an an an, alaiko io an, alaivo ho ahy io an, ary rehefa vita izay hilako azy dia averiko aminao indray. Izay ilay fahefan’ny Tompo ry havana ô.
Mitodika aminao ny Tompo amin’izao maraina izao, ary dia tahaka ny mpianatra roalahy izay hitantsika eto, voalohany indrindra : MANEHOA FANKATOAVANA. Enga anie izay Alahadin’ny sampan-drofia 2020 izao ho tadidinao hoe alahadin’ny sampan-

drofia itomboanao amin’izany hoe fankatoavan’ny disciple izany ry havana. Fa izany no takian’ny Tompo aminao amin’izao andro farany izao. Fa izao koa e, tahaka ny tompon’ity zana-boriky ity : MITOMBOA AMIN’NY FAHAFOIZANA HO AN’I JESOA. Tsy misy filazana eto ny amin’ny hoe finoan’ny tompon’ilay zana-boriky. Fa dia nahafoy ho an’i Jesoa izy, nahafoy ho an’i Jesoa izy. Ary Jesoa maneho ny maha-Tompo Azy dia milaza tsotra Izy hoe : Tompon’ny mpino sy ny zavatra rehetra ananan’ny mpino, Tompon’ny zavatra rehetra, ary manana fahefana amin’ny zavatra rehetra tsotra izao Izy ry havana ô. Ny amin’ity lehilahy tsy fantatr’anarana ity, dia hoe : zana-boriky izay mbola tsy notaingenan’olona. Ny dikan’ny hoe mbola tsy notaigenan’ny olona dia hoe :natokana ho an’Andriamanitra, natokana ho ampiasaina ho an’Andriamanitra. Ary rehefa miteny isika ry havana ô, mitomboa amin’ny fahafoizana ho an’Andriamanitra ; mba hoe MIANARANA MANOKANA FANANANA, MIANARA MANOKANA FITAOVANA ATOKANA HO AN’ANDRIAMANITRA. Ohatrany hoe : manana sono aho, dia hoe atolako ho an’Andriamanitra io ; tsy ampiasaiko afa-tsy ho an’ny asan’Andriamanitra. Manana tômôbile aho, manana sprinter aho, manana camion aho ; dia hoe atokako ho amin’ny asan’Andriamanitra fa tsy hoe amin’ny fotoana sasany anaovako asan’Andriamanitra, amin’ny fotoana sasany anaovako contrat Star itaterako labiera sy ny karazany. Mianara manokana ry havana ô, fitaovana, fananana ho an’Andriamanitra. Ary tsy fananana ihany ry havana ô, no takian’Andriamanitra ; fa izay momba anao, momba ny fiainanao. Atokany ho azy mba handraisanao anjara amin’ny fampandrosoana ny fanjakan’Andriamanitra. Andriamanitra ry havana, Andriamanitra rehefa miasa, dia tsy manao kitoatoa Izy, tsy manao kisendrasendra Izy. Fa tena hoe manomana fandaminana tena hoe maty paika. Ary dia hoe ao anatin’izany fandaharana, fandaminana izany, manana anjara asa rehetra rehetra. Tsaroana izao hoe Simona kireniana, niverina avy any an-tsaha izy, dia nantsoina hitondra ny hazo fijalian’ny Tompo. Tsaroana Josefa avy any Arimatia, notendrena izy handevina an’i Jesoa. Fantaro mazava ry havana ô, fantaro mazava fa miandry anao ny Tompo ary misy asa izay nankininy aminao manokana ho fampandrosoana

ny fanjakany. Fa dia aza mampiandry Azy intsony e, aza mampifila azy intsony.
Izay ny fahamarinana 1, hoe : FANTATRAO VE FA TOMPO I JESOA ?

Ny **__fahamarinana 2__** dia izao : **FANTATRAO VE FA MESIA I JESOA ?**
Eto amin'ity perikopantsika ity ry havana, manomboka eto amin'ity toko 11 dia hita fa tsy nanafina ny maha-Mesia Azy intsony Jesoa. Ary nisafidy Izy ny hiditra amin'ny fomba manetriketrika tao Jerosalema, ary dia noraisin'ny vahoaka tsara Izy. Hoy ny and. 8 : « Ary maro no namelatra ny lambany teny an-dàlana; ary ny sasany kosa nampihahaka rantsan-kazo izay efa nalainy tany an-tsaha ». Ny vahoaka ry havana mamelatra ny lambany, izany hoe ny akanjony, dia hoe mariky ny fanajana mpanjaka izany teo amin'ny tatsinanana. Ny sasany indray, dia hoe rantsan-kazo no napetrany tamin'ny tanany. Ireo rantsan-kazo ireo ry havana dia rantsan-kazo nalaina tany an-tsaha. Atao inona ireo ? Raha ny marina, nalaina tany an-tsaha ireo hanamboatra trano ho an'ireo olona ireo tao Jerosalema. Izany ireo rantsan-kazo ireo. Dia hoe ny sasany nametraka rantsan-kazo, fa tsy mba ny akanjony no nataony tamin'ny tany ; fa rehefa hoe nahita an'i Jesoa ireto olona ireto, dia adinony ny zavatra hoe nakany ireo rantsan-kazo, hoe atao trano fialofana ipetrahana ao Jerosalema, satria hoe tsy omby ny trano amin'ny andro lehibe tahak'izao. Dia rehefa nahita an'i Jesoa izy, tena hoe nafana ny fony ry havana dia adinony ny nilana an'ilay rantsan-kazo, fa dia hoe napetrany tamin'ny tany ho fanajana an'i Jesoa ry havana ô. Izany no nandraisan'ny vahoaka an'i Jesoa raha niakatra tany Jerosalema Izy. Ny sasany izany akanjo, ny sasany rantsan-kazo no napetrany tamin'ny tany ry havana ô. Ary ireto vahoaka ireto, dia ireo ihany koa, raha nandalo Jesoa, no niantso, araka ny lazain'ny and.9b sy 10 hoe : « Hosana! Isaorana anie Izay avy amin'ny anaran'i Jehovah! Hotahina anie ny fanjakana izay avy, dia ny an'i Davida raintsika! Hosana any amin'ny avo indrindra ». Ao am-bavan'ireto vahoaka ireto ry havana hoe : « Hosana » ; dia adika hoe : « Arahaba tongasoa ». Rehefa miteny ny vahoaka hoe : « Hosana! Isaorana anie Izay avy amin'ny

anaran'i Jehovah! », dia toy ny miarahaba irak'Andriamanitra izy, toy ny miarahaba solontenan'Andriamanitra ireto vahoaka ireto. Ary in-droa mihitsy izy no miteny hoe : « Hosana » ry havana. Ary azo antoka fa tena hoe miara-mientana amin'izany fiarahabana feno fifaliana izany ireto vahoaka ireto. Ary tena hoe amin'ny fony manontolo izy no miarahaba an'i Jesoa ry havana. Fa izao koa : raha hoe « arahaba tongasoa » no hevitry ny « Hosana », ao am-bavan'ireto vahoaka ireto ; ny hevitry ny atao hoe « Hosana » voalohany, dia teny hebreo izy io ; ny hevitry ny teny hoe « Hosana » voalohany dia hoe « Vonjeo izao e, vonjeo izao e, vonjeo re ». Izany hoe tsy fiarahabana ilay izy amin'izay, fa manana endrika vavaka. Ary ny mpandinika dia milaza hoe vavaka atao amin'ny Mesia izany hoe « Hosana » izany. Ary jereo tsara ry havana ny tenin'ny vahoaka eo amin'ny and.10 : « Hotahina anie ny fanjakana izay avy, dia ny an'i Davida raintsika! ». Mahita an'i Jesoa izy dia mahatsiaro an'i Davida ry havana ô. Mahita an'i Jesoa izy dia mahatsiaro an'i Davida. Mieritreritra izy hoe ity Jesoa mitaingina zana-boriky miakatra ato Jerosalema ity dia taranak'i Davida. Iza moa ilay Davida ? Davida ilay nandresy an'i Goliata. Iza moa Davida ? Davida ilay nanjaka nandritra ny 40 taona ry havana ô, ary nampianatra ny firenena nandritra ny 40 taona. Ary Jesoa mitaingina zana-boriky io, mahafaly an'ireto vahoaka, araka izay nitantarany azy ireto ry havana, dia hoe hantenain'ireto vahoaka ireto fa hamerina indray izany hoe fanjakan'i Davida izany, hitondra fifaliana, hitondra fiadanana ho an'ny firenena. Izany no tena mahafaly an'ireto vahoaka ireto. Saingy izao ry havana, saingy izao : tena faly izy nefa diso hevitra. Tena sincères ireto vahoaka ireto nefa dans l'erreur. Diso hevitra tanteraka izy ry havana ny amin'i Jesoa, ny amin'ny ahatongavan'i Jesoa, ary arakarak'ilay nahitan'ny vahoaka, nahatsapan'ny vahoaka fa diso hevitra izy ny amin'ny maha-Mesia an'i Jesoa ka nandiso fanantenana azy izany fahadisoan-kevitra izany, dia niha-nangatsiaka ry havana ny fitiavan'ny vahoaka an'i Jesoa, niha-nangatsiaka ny fanajany Azy, ary tena hoe nivadika ho fankahalana an'i Jesoa mihitsy aza izany hoe fitiavana niha-nangatsiaka izany. Ary

izany anie no nahatonga an'ireto vahoaka e, izay nolazaintsika teo hoe niara-nientana, nioraka tamin'ny fifaliana hoe : « Hosana », andro vitsivitsy taorian'ity Alahadin'ny sampan-drofia ity, tena hoe niray feo niteny hoe : « Homboy, homboy eo amin'ny hazo fijaliana ». Fahadisoam-panantenana vokatry ny fahadisoan-kevitra. Ity and.11 ity ry havana dia mampitandrina antsika Fiangonana mba tsy ho diso hevitra isika ka ho diso fanantenana tahaka ireto vahoaka tao Jerosalema ireto. Izao manko : rehefa jerena ilay perikopa eo amin'ny and.11 dia hoe : « Jesoa niditra tany Jerosalema ka nankeo an-kianjan'ny tempoly ». Misaotra ny Tompo ny amin'ny ahazoantsika mianakavy mandinika tsara hoe : « Jesoa niditra tany Jerosalema ka nankeo an-kianjan'ny tempoly ». Mariho tsara ry havana fa raha ity and.11 ity izany : vao tafiditra tao Jerosalema i Jesoa dia nivantana tao amin'ny tempoly. Ny filazantsara ny Matio eto dia mitantara an'ireo ankizikely izay hoe nihira nankalaza an'i Jesoa ; fa Marka tsy mitantara an'izany. Ny maha-maika an'i Marka dia ny fitantarana hoe tena namonjy direct ny tempoly Jeso raha vao niakatra tao Jerosalema. Ry havana ô, ry havana ô, izany fidiran'i Jesoa ao amin'ny kianjan'ny tempoly izany dia fanambarana sahady, ary fanambarana mazava hoe Izy tonga ao Jerosalema, dia tonga hoe fanatitra ho an'izao tontolo izao. Izay ilay Mesia ankalazaina eto. Izay ilay Mesia Mpanafaka : tonga ho fanatitra ho an'izao tontolo izao. Ary fantatr'i Jesoa tsara, Izy tonga ao amin'ny tempoly io, fa hoe ilay andro vitsy hanaraka an'ity Alahadin'ny sampan-drofia ity, ilay andro iainany ao amin'ny tempoly ao, no hitondra Azy ho any amin'ny hazo fijaliana. Fa araka ny efa nolazaintsika tany am-piandohana ry havana ô : Mpanjakan'ny mpanjaka Izy, Tompon'ny tompo Izy, mahalala ny zavatra rehetra Izy ary tonga hanatanteraka amin'ny nahim-pony ny zavatra rehetra araka izay ambaran'ny Soratra Masina. Ireto vahoaka ireto, na ireto mpitondra fivavahana jiosy izay mifehy azy dia jamba ara-panahy, ka tsy nahatakatra an'izany.

Izao no fampieritreretana antsika ry havana : ao amin'ny faminanian'ny mpaminany Zakaria, Zakaria 9 :9 dia milaza Zakaria hoe : « Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao…Malemy

fanahy sady mitaingina boriky,dia zana-boriky tanora ». Tsindrin'i Zakaria fa malemy fanahy Jesoa ry havana ô. Malemy fanahy. Malemy fanahy Izy ka nanaiky atao fanatitra ho famonjena ny ratsy fanahy. Izay ilay fahalemem-panahiny. Ary izany ny dikan'ny ankanesana ao amin'ny tempoly ry havana ô ; manambara Izy fa manaiky atao fanatitra, dia Izy ilay Zanak'ondry tonga hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao e. Azony atao ange e, amin'ny maha-Mpanjaka ny mpanjaka Azy, manana ny fahefana rehetra sy ny hery rehetra e, ny landripaka ny ratsy fanahy e, ny mandevona azy amin'ny indray mipihi-maso e ; azony atao izany ; fa malemy fanahy Izy dia miteny amin'ny ratsy fanahy, miteny amiko sy miteny aminao : « Tsy sitrako ny ahafatesan'ny ratsy fanahy ». Ry havana, malemy fanahy Izy e, mazava be izany. Kanefa tsy mandefitra amin'ny fahotana. Ary izany no anton'io hazo fijaliana io. Ary izany ilay fanjakana tiany aorina ety an-tany dia hoe fanjakana izay hoe manambatra ny olona izay nafahany tamin'ny fanandevozan'ny ota, nafahany tamin'ny fahazaran-dratsiny, ary nafahany avy ao ambany vahoan'i satana. Izany ny fanjakana tiany aorina ety an-tany. Ka izao ry havana : rehefa hoe mahatsiaro an'i Jesoa hoe Mesia ianao manomboka izay, dia isaory Izy fa hay ianao efa olona afaka, hay ianao efa olona afaka. Fa raha hafa noho izay ry havana ô ny fihevitrao an'i Jesoa, dia ho diso fanantenana an'i Jesoa ianao, dia manjary ohatran'ireo vahoaka tao Jerosalema : ankahala an'i Jesoa ianao.

Izao no <u>**fahamarinana 3**</u> farany : **EFA VATO FEHIZORON'NY FIAINANAO VE JESOA ?**

Ny zavatra mitranga eto amin'ity perikopa ity ry havana, ankoatry ny fanatanterahana ny Zakaria 9 :9, dia fanatanterahana ihany koa ny Salamo 118 izay testamenta perikopantsika androany, dia ny Salamo 118 :22 izay manao hoe : « Ny vato izay nolavin'ny mpanao trano no efa tonga fehizoro Indrindra ». Mazava ho azy fa Jesoa ry havana io vato fehizoro io. Ary raha esorina izany vato fehizoro izany, dia mirodana ny trano. Eto ry havana, dia mitodika manokana aminao raim-pianakaviana. Satria rehefa zohina ny fanahin'ny Paska,

dinihina hatrany amin’ny Eksodosy 12 any, ny hafatry ny Paska dia ho an’ny raim-pianakaviana aloa. Ary rehefa tsy ao ny raim-pianakaviana, raha tsy eo intsony ny raim-pianakaviana, dia ho an’ny renim-pianakaviana ry havana ô.
Ny fanontaniana apetraky ny Tompo aminao raim-pianakaviana, dia hoe : EFA VATO FEHIZORON’NY FIAINANAO VE JESOA ? ARY HITAN’NY ANKOHONANAO VE IZANY ? Sa ianao ilay olona midera an’Andriamanitra any am-piangonana rehefa Alahady, fa manombo an’i Jesoa amin’ny fiainanao andavan’andro ? Hafatra ho antsika lehilahy manokana izany ry havana ô. Matetika ry havana, rehefa maty ny raim-pianakaviana, dia misy fitenenana tahaka izao re amin’ny famangiana, hoe : « lavo ny andrarezina », na tsy malaza, na tsy ambony aza ilay raim-pianakaviana maty. Re ihany koa nny hoe : « folaka andro niankinana » rehefa maty ny raim-pianakaviana. Satria amin’ny fotoana ahalasanao raim-pianakaviana, dia tena hoe banga, banga ny fiainan’ny vadinao, banga ny fiainan’ny zanakao. Tena banga. Ilay fampieritreretana anao ry havana dia izao : sao dia banga tahaka izany koa ny fiainanao rehefa tena zohina satria tsy ataonao ho vato fehizoron’ny fiainanao Jesoa ? Ary raha ny marina : takona izany banga izany ; takon’ny inona ? Takon’ny fomba fivavahana izay hainao tsianjery, takon’ny fombam-pivavahana izay mahazatra anao izany hoe fahafoanan’ny fiainanao ara-panahy izany. Ry havana ô, ry rahalahy malala, ianao ange e, isika ange no tokony ho modely e, ho an’ny ankohonantsika e, araka ilay fahamarinana 1 teo e, amin’izany hoe fankatoavana an’i Jesoa tsy misy fepetra izany e, amin’izany hoe fahafoizana ho Azy izany e, amin’izany hoe fanoloran-tena ho Azy izany amin’ny asa fanompoana e, izay ankinina amintsika e, ho fampandrosoana ny fanjakan’Andriamanitra. Ry havana, ny asan’Andriamanitra ange, na hanao anao na tsy hanao, ho vita foana ny asan’Andriamanitra. Fa ianao tsy manao io, eo ianao, eo ianao no raisina. Ry rahalahy : modely ho an’ny ankohonanao ve ianao ka afaka miteny ny ankohonanao hoe : « dadanay io taloha ohatran’izao e ; fa izao izy efa tena hoe olom-baovao ».
Vato fehizoron’ny fiainanao ve Jesoa ka tena hoe tsy

fahazavan’izao tontolo izao ihany ianao any ivelany, fa fahazavan’ny ankohonanao e ? Ary ianao no mpitaona ny ankohonanao ao amin’i Jesoa, mba ho Tompony i Jesoa, mba ho Mesia-ny i Jesoa.
Tena hoe vato fehizoronao ve Jesoa ry havana, ka tsy hoe rehefa Alahady, midera Azy ianao, fa rehefa andavan’andro, manao tsinontsinona Azy. Tsy hoe rehefa any ivelany ianao dia manao ny fomban’ny mpanompon’Andriamanitra, fa rehefa ao an-trano dia jentilisa fiainana, jentilisa fisainana.
Ry havana ô, Jesoa Kristy izay napetrakao ho vato fehizoron’ny fiainanao no hampitombo anao amin’ny fanahafana Azy e. Izy hampitombo anao ho amin’ny fanahafana Azy. Ary ny anton’izao hafatra izao, ampahafantariko anao, tsy hoe karazana morale hifehy ny fiainanao ety an-tany fotsiny, fa fanalahidin’ny lanitra izao. Ary enga anie, fa satria nataonao vato fehizoron’ny fiainana Jesoa, dia handre Azy ianao indray andro any hiteny aminao hoe : « Mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anao hatrizay nanorenana izao tontolo izao ».
Amena.